# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Janoary 2020

# 3 Zoma
janoary

**Jesosy niantso zazakely anankiray hankeo aminy, dia nametraka azy teo afovoany ka nanao hoe : Lazaiko aminareo marina tokoa : Raha tsy miova ianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo.** Matio 18. 2-3

**Miditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra hoe ?**

*Toy ny ankizy kely mihazona ny tanan-drainy,*
*Tsy mahalala tsara akory izay lalana ombany,*
*Toy ny ankizy kely matory eo anilan-dreniny,*
*Tsy manahy kely akory ny amin'ny ampitso.*

*Toy ny ankizy kely mitolagaga tsy tapaka,*
*Mahita zava-tsoa sarobidy marobe eny an-dalana,*
*Toy ny ankizy kely voahodidina tambitamby*
*Ka mamaly avy hatrany ireo tsikitsikin'ny havany,*

*Toy ny ankizy kely mihaino ny mpampianatra azy,*
*Ka tsy misalasala kely akory ny amin'izay ampianariny,*
*Toy ny ankizy kely, mahafantatra*
*ny fitiavan'ny ray aman-dreniny,*
*Ka mihazakazaka manatona azy ireo,*
*mba hampiononany ny tomaniny.*

*„Zanako", izany no iantsoanao ahy, ry Ray,*
*Ianao Izay nanangana ahy ho zanakao, Ianao Izay tia ahy,*
*Ka mitady hatrany hahasambatra ahy,*
*mihoatra noho ny ataona reny tia.*
*Enga anie ho amin'ny finoan'ankizy*
*no hanajako Anao, ho valin'izany.*

*M.T.*